# 21 NY KANTO : NY SARIN-TENY

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny mahakanto ny literatiora sy ny fomba fanehoan-kevitra manasongadina ny hevitra fonosiny amin'ny alalan'ny teny sy ny fehezanteny.

## LESONA HO TADIDINA

**Famaritana**

Ny atao hoe kanto dia ireo mihataka amin'ny andavanandro, manintona, mandresy lahatra, mahafinaritra, mateza dinihana ary mambambo ny fo sy saina amam-panahy.

Ny sarin-teny dia fanehoan-hevitra tsy atao mivantana fa atao an-kifonofono ka sary na ohatra no entina anehoana na ilazana izany.

ohatra: Jambena tampoka aho fa nandalo ilay raozikelin'ny fitiavako

>> Entina ilazana fa nandalo ilay tovovavy nahababony fony.

**Famerenana**

- Ny tamberim-peo na ny filalaovana amin'ny feo

  → Famerimberenana feo ao amina teny na fehezanteny na andalana.

  ohatra: Misy osy fotsifotsy fito fotsifotsy foto-tsofina ao (tamberim-boa-teny "f" "ts"

- Ny tamberin-teny anaty fehezanteny

  → Tamberin-teny andian-teny, fehezanteny ka mety tsy hio-va ny toerany, ny endriny, ny heviny.

  ohatra1: Tiako ho fantatrao fa tiako ianao (tamberin-teny tiako)

ohatra2: Ilay fasako, fasako ihany,
fa ny foko dia fasana koa!
Io no fasako ivelan'ny tany,
Io no fasako iray, faharoa

Misy karazany maromaro ny tamberina: tamberim-pototeny, tamberim-boateny, tamberina an-dohany sy am-parany ary anaty.

- Ny tamberim-pototeny

ohatra: Mbola misy koa ireo mpihira tsy mihira
Aza mampijaly an'ireo olona efa mijaly ianareo

- Ny tamberin-teny andoha sy amparam-pehezanteny

ohatra: Koranam-pianakaviana nifankahitan'ny mpianakavy ny koranam-pianakaviana.

**Ny karazana sarin-teny**

- Ny rafitry ny fehezanteny:
  - Tso-drafitra na mivadi-drafitra (izay hita mibahan-toerana eo amin'ny lahatsoratra)
    - → Ny tso-drafitra: manasongadina ny EM
    - → Ny mivadi-drafitra: manasongadina ny L

ohatra: Eritreritra miampita no manainga ny vinany
Mba hanembona mazana 'lay akany nisehoana
Ka ny foko manina azy dia misentosento foana
Saingy tsy afaka manoatra noho ny elanelan-tany

- Ny fehezanteny mitovy rafitra:

Ny fehezanteny mitovy rafitra dia mampitovy isa ny teny ampisaina mandrafitra ny an-dalana na ny fehezanteny, ka amin'izany izy dia mety hitovy isa tanteraka na mihena na mitombo.

Misy karazany telo izy:

→ Mitovy rafitra, mitovy vahana

ohatra: Izaho valiha. / Ianao lokanga

1 2 1 2

→ Mitovy rafitra mitombo vahana

ohatra:

Raha vazaha no mitady asa, amoronana

1 2 3 4 5 6

Raha Malagasy no mangataka raharaha dia lazaina fa tsy misy ny toerana

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12

→ Mitovy rafitra mihena vahana

ohatra:

Vorona….tao….amin - dRasoa no namahanana ny olona nasaina

1 2 3 4 5 6 7 8 9

Vary tao an - tsopitra no noloarina

1 2 3 4 5 6

- Ny fampiasana ny teny roa mifanohi-kevitra

Filazan-javatra natao hanatitranterana na hanamafisana

ohatra: Ny mahihitra no lany be
Ao anatin'ny mangidy no misy ny mamy

- Ny fanalefahan-kevitra

Filazan-javatra tsy dia natao handratra loatra

ohatra: Olona efa somary zokonjokiny ihany ny vadiny
(olona efa antitra ihany ny vadiny)

- Ny filaza masaka

Filazan-javatra tafahoatra noho ny tokony ho izy (manatavy resaka)

ohatra: Trondro be ohatra ny trozona
Tena potika aminy ny foko.

**SAHANASA 1**

lahatsoratra:

Mahazo ny foko ny fony
Ny fony izay raozy hatsarany
Tsaroako ny fitolokolokoany
Mahazo ny foko ny fony

Rahoviana ianao vao ho tony
Rahoviana ianao vao ho foiny
Mitonia ihany raha izany
Matoria dia aza tomany

1- Fantaro ny tambreina ao amin'io ampahana tononkalo io, ary tohano amin'ny alalan'ny ohatra izany
2- Manomeza sarin-teny hafa hita ao amin'io ampahana tononkalo io ary tohany amin'ny alalan'ny ohatra ihany koa izany

**SAHANASA 2**

lAmpifandraiso amin'ny alalan'ny tsilo ny mifandray amin'ireto sarin-teny ireto sy ny ohatra tokony hiaraka aminy

| | | | |
|---|---|---|---|
| Ny fehezanteny mitovy rafitra | • | • | Mifofofofo mafy ny rivoka hany ka midridrodridro èry ny vavahady |
| Ny tamberim-pototeny | • | • | Rahoviana ianao vao ho tony, rahoviana ianao vao ho foiny |
| Ny fanalefahan-kevitra | • | • | Voky an-tenda ireo vahin'ny nasaina. |
| Ny tamberin-teny andoha sy amparam-pehezanteny | • | • | Fahafana nomena ny fahafahana. |
| Ny filaza masaka | • | • | Ny alika jamban'ny taolana, fa ny olona jamban'ny vola. |
| Ny tamberim-boateny | • | • | Efa rangahy angamba izy fa mazavazava ny lohany. |